Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FIFAMPIANDANIANA TAO KORINTO

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

1. NY TOETRY NY FIANGONANA TAO KORINTO.

1. NY TOETRY NY FIANGONANA TAO KORINTO.

- **A.- FIANGONANA NANAN-KAREM-PAHASOAVANA.**
- *« Misaotra an' Andriamanitro mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomena anareo ao amin' i Kristy Jesosy, dia ny nampananana harena anareo ao aminy amin' ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, araka ny niorenan' ny filazana an' i Kristy teo aminareo, ka dia tsy latsaka amin' ny fanomezam-pahasoavana rehetra hianareo, … »* (1Kor.1.4-7a)
  - Noho ny fotoriana an'i Kristy dia nandray ny fanomezan'ny Fanahy be dia be ny Fiangonana.
  - Ambaran'i Paoly fa io no tena harenany.

1. NY TOETRY NY FIANGONANA TAO KORINTO.

- **A.- FIANGONANA NANAN-KAREM-PAHASOAVANA.**
- « *Misaotra an' Andriamanitro mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomena anareo ao amin' i Kristy Jesosy, dia ny nampananana harena anareo ao aminy amin' ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, … »*
- « *…miandry ny fisehoan' i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay hampiorina anareo koa hatramin' ny farany, ka dia tsy hanan-tsiny hianareo amin' ny andron' i Jesosy Kristy Tompontsika.* » (1Kor.1.7b-8)
  - Misy fanamby lehibe apetrak'i Paoly Apostoly amin'ny Fiangonan dia ny hiorina tsara ka tsy hanan-tsiny amin'ny fiverenan'ny Tompo = miambina.

1. NY TOETRY NY FIANGONANA TAO KORINTO.

- **A.- FIANGONANA NANAN-KAREM-PAHASOAVANA.**

  - **Fanamarihana :**

  - Na dia feno ny fanomezan'ny Fanahy toy izany aza ny Fiangonana tao Korinto, dia tsy niaro azy tamin'ny korontana izany, fa io harem-pahasoavana be nananany io indray aza no anisan'ny niteraka korontana tao aminy.

1. NY TOETRY NY FIANGONANA TAO KORINTO.

- **B.- NY LOHARANON'NY FISARAHAN-TSAINA SY FIFAMPIANDANIANA.**
- **Fifampiandaniana** ***(esprit partisan)***

- Fiandaniana	=	fombàna	*(prise de position)*
		fiandaniana	*(esprit partisan)*
		fanohanana	*(soutien)*
- Fiandaniana	→	fifanoherana	*(rivalité)*
		fifandirana	*(discorde)*
		ady	*(disputes)*

1. NY TOETRY NY FIANGONANA.

- **B.- NY LOHARANON'NY FISARAHAN-TSAINA SY FIFAMPIANDANIANA..**
- **Nisy fifampiandaniana *(esprit partisan)***

  - An'i Paoly

  - An'i Apolosy

  - An'i Kefasy (Petera)

  - An'i Kristy (Jesosy)

1. NY TOETRY NY FIANGONANA.

- **FANAMARIHANA**

- Tsy zava-baovao teo amin’ny korintiana io toe-javatra io fa efa fomba fiaina izay niainana teo amion’ny fiaraha-monina izay najakan’ny karazam-pisainana (filozofia) sy karazam-pivavahana samihafa.

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZO FIJALIANA

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **A. NY HAZOFIJALIANA SY NY FAMONJENA.**
- **Ny hazofijaliana:**
  - Tampon'ny fietren'ny Tompo. Fil.2:5ss
  - Fanarenana sy fanandratana ireo malahelo. (4.10)
  - Lalana iantsoana izay rehetra mila izany famonjena izany handray azy amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny fandehanana amin'ny fiainam-baovao. 2Kor.5.17-21

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **B. NY HAZOFIJALIANA SY IZAO TONTOLO IZAO.**
- **Ny hazofijaliana:**
  - Fanehoana ny endriky ny fahendren'Andriamanitra.
  - `Fanehoana ny mampiavaka ny herin'Andriamanitra.
  - Fototry ny toriteny sy ny fampianaran'ny Apostoly.

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **B. NY HAZOFIJALIANA SY IZAO TONTOLO IZAO.**

- **Ny hazofijaliana:**

  - Manamarika ny fampisarahana ny hendry, ny manan-tsaina sy ny avo razana, ary ny mahery araka izao tontolo izao ankilany (1:19-20, 2.8) ary ireo adala, malemy, iva razana, fanevateva, ireo atao ho tsy misy mihitsy aza ary ireo olona araka ny Fanahy an-daniny (1.27-29, 2.15).

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **B. NY HAZOFIJALIANA SY IZAO TONTOLO IZAO.**

- **Ny hazofijaliana:**

  - Manafintohina ny Jiosy ary mahavàka ny tsy Jiosy ny teny ny amin'ny hazofijaliana izay fisehoan'ny hery sy fahendren'Andriamanitra ao amin'i Jesoa Kristy.

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **D. NY FIANGONANA MAHATOKY HATRAMIN'NY FARANY.**
  - **Fiangonana miray sady milamina ao anatiny**: (1.10).
  - Ny teny ny amin'ny hazofijaliana no mitondra amin'io (1.10; 1.18)
  - Ny olon'izao tontolo izao dia tsy tonga amin'io sady tsy afaka mitondra amin'io satria miainga amin'ny fahendren'olombelona na ny fahendren'izao tontolo izao izy ka io no entiny mamantatra an'Andriamanitra (1.18-25)

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **D. NY FIANGONANA MAHATOKY HATRAMIN'NY FARANY.**
  - **Fiangonana miray sady milamina ao anatiny**: (1.10).
  - Eo amin'ny lafiny famahanana ny olana dia mandà ny fiankinana amin'ny fahamarinana araka izao tontolo izao.
  - Eo amin'ny lafiny fihetsika sy fanao dia manao izay tsy hahatafintohina ny namana.
  - Eo amin'ny lafiny ara-pivavahana dia tsy manavakavaka (ny iva na ny avo).
  - Eo amin'ny lafiny fombam-pivavahana dia mitondra firindràna mampitombo ny rehetra.

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **E. NY TEOLOJIAN'NY HAZOFIJALIANA.**
  - Ny hazofijaliana izay fara-tampony amin'ny fietren'i Kristy, dia manova tanteraka ny fahalalana ny fomban'Andriamanitra izay tokony harahin'ny kristiana, dia ny lalan'ny fietrena sy ny fanombohana amin'ny ambany indrindra (fanetren-tena sy fandavan-tena) ary mianatra amin'ny Tompo sy amin'ny alalany mba hahalala Azy bebe kokoa hatrany (fitomboana kristiana). (1.26-27, 31b; Fil.2.5ss)

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **E. NY TEOLOJIAN'NY HAZOFIJALIANA.**
  - Ny Apostoly Paoly dia miseho ho modely ho an'ny kristiana eo amin'ny fiainana izany teny ny amin'ny hazofijaliana izany (4.8-13, 16)
  - Tena mifanohitra tanteraka amin'ny teolojian'ny fireharehana na ny teolojian'ny fananan-karena izany. (4.7-8)
  - Ny toriteny ny amin'ny hazofijaliana dia tsy mahataona raha eo amin'ny fisehony, fa maherivaika kosa noho ny herin'Andriamanitra miasa ao aminy ka mampiseho ny fahendreny (1.23-24; 2.1)

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **E. NY TEOLOJIAN'NY HAZOFIJALIANA.**
  - Ny fandehanana araka ny fahendren'Andriamanitra ambaran'ny hazofijalian'i Kristy no antoka ho amin'ny fitomboana sy ny firaisana:
    1. Manaiky hanomboka amin'ny fototra: misotro ny rononom-panahy ho amin'ny famonjena. (3.1-4)
    2. Tsy mijanona eo fa mitombo amin'ny alalan'ny fianarana sy ny fanompoana atao amin'ny fanetren-tena (3.11ss; 1Kor.13.11; Heb.5.12; 6.1; Ef.4.1-16)
    3. Tsy manao olona ho reharehany fa Kristy irery ihany. (3.21_23)

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **E. NY TEOLOJIAN'NY HAZOFIJALIANA.**

4. Matoky ny herin'Andriamanitra sy ny fitsaràny ka miankina aminy. (4.3-5; Heb.10.30)
5. Sady tsy mankalaza ny iray no tsy manevateva ny iray (4.6)
6. Maka tahaka ny Tompo, sy ny Apostoly vavolombelony, fa tsy mitoky amin'ny fahendren'ny tenany (4.9-13; 1Pet.2.20ss)
7. Mitsangana ho modely amin'ny fanahafana an'i Kristy fa tsy amin'ny fitondrana ny fomban'izao tontolo izao ao am-piangonana.

2. NY TENY NY AMIN'NY HAZOFIJALIANA

- **E. FEHINY.**
  - Ny fahendren'Andriamanitra dia miafina amin'izao tontolo izao.
  - Ny hazofijalian'i Kristy no tena nanehoany ny heriny sy ny fahendreny. Koa tsy araka ny fomban'olombelona no hitondrana ny Fiangonana sy ny fiainana fa araka ny fomban'Andriamanitra irery ihany (4.12)
  - Ny fiandaniana sy fanarahana olona dia endriky ny fahazazàna ara-panahy. Na dia mety tafiditra amin'izany aza isika dia tokony hananatra fa tsy hiandàny. (1.13-15)